**FIARAHAMONIM-PIRENENA**

# Nitsidika ny Antenimierandolohna ny ONG Ivorary



Noraisin'ny Kestora voalohan'ny Antenimierandoholona, Mourad ABDIRASSOUL omaly, ny fikambanana tanora avy amin'ny fiarahamonim-pirenana, izay notarihin'Andriamatoa Hery RASON, Tale mpanatanteraka avy amin'ny ONG Ivorary. Fihaonana izay nangatahan'izy ireo fiaraha-miasa amin'ny Andrimpanjakana toy ny Antenimierandoholona, mba hahafahana manao tomban'ezaka hijerena ny politika ankapobeny eto amintsika, indrindra fa ny fangaraharana amin'ny fitantanan-draharaha eo anivon'ny asam-panjakana rehetra. Fampiofanana sy fifampizarana tahirinkevitra sy fanomezambaovao no endriky ny fiaraha-miasa iriana hatao mba hahatongavana amin' izany tanjona izany.

***Isambilo***

**Fisemare Analamanga**

# 70% ny mpiasa manan-draharaha dia mitarazoka eny amin'ny Fitsarana

"Dossier" miisa 87 ihany no miakatra fitsarana raha toa ka miisa 5000 ny raharaha fifanolanana eo amin'ny mpiasa sy ny tompon'ny orin'asa, tonga any amin' ny "Inspection de Travail", nandritra ny taona 2019 teto amin'ny faritra Analamanga. 30% amin'ireo raharaha miisa 87, izay iandreketan'ny Sendika Fisemare eny amin'ny fitsarana ireo no nahazoana didim-pitsarana sy "notification" hoy Andriamatoa Manananandro Jean sekretera jeneraly lefitra Fisemare Analamanga. Io no nisongadina nandritra ny tatitra mikasika ny asa vitan'ny sendika FISEMARE Analamanga nandritra ny taona 2019 lasa teo, izay natao tetsy amin'ny Hopitaly Hjra Ampefiloha omaly. Nanohy nanazava ny Sg Fisemare fa ny 70% ny raharaha fanolanana dia tsy nahazoana valiny mahafa-po avokoa ary misy aza ny raharaha sasany efa maty ny mpiasa izay vao mivoaka ny didim-pitsarana.Ankoatran'izany nilaza i Andriamatoa Manananandro Jean fa tsy eny amin'ny fitsarana ihany no mihitsoka ny raharaha izay iandrketan'ny Fisemare fa ahitana fitarazohana ihany koa ny raharaha fanolanana apetraka eny anivon'ny "Inspecteur de Travail". Nanohy nanazava ity solon-tenan'ny sendika Fisemare ity fa ny fandroahana mpiasa tsy ara-drariny sy tsy ara-dalàna;ny tsy fanarahan'ny orin'asa ny mari-karama faran'ny ambany 200 hetsy Ariary no raharaha matetika mitranga nandritra ny taona 2019.Nilaza I Andriamatoa Manananandro Jean fa mbola sakana ho an'ny mpiasa tsy ahazoana rariny eo ami'ny mpampiasa ny fatahoran'ny mpiasa miditra ao amin'ny sendikan'ny mpiasa ary efa voaroaka ny mpiasa izay vao mahalala manatevin-daharana ny sendika.Marihina fa ankoatra ny tatitra nataon'ny Fisemare dia nanome rà maimaim-poana tetsy amin'ny Hjra ny mpikambana.Tsiahivina fa miisa 9000 ny isan'ny mpikambana Fisemare eto amin' ny faritra Analamanga ka ny asa mendrika sy ny asa maharitra no tanjona.




*Ireo mpitarika ny FISEMARE.*

***Franck Razakambelo***

**Hafari Malagasy**

# Mpianatra miisa 230 nahavita fiofanana informatika

Tanora miisa 230 mianadahy no nahavita fiofanana nandritra ny 2 vo- lana teo amin'ny tontolon'ny "informatique", tao amin' ny fikambanana Hafari Malagasy . Notolorana mari-pahaizana ireto farany, izay natao tetsy amin'ny Espace Anjaratiavina Anosizato omaly. Nilza Andriamatoa Rafanomezantsoa Jean Niri-na, Filohan'ny Hafari Ma- lagasy, fa ny fifehezan'ny tanora ny informarika sy ny teny Anglisy no manampy an'ireto farany hiditra amin'ny sehatry ny asa. Marihina fa andiany voalohany ireto "Promotion" navoakan'ny fikambanana Hafari Malagasy ireto ary tanora tsy an'asa sy sahirana ara-pivelomana eto Antananarivo sy ny manodidina izy ireo.

***Franck Razakambelo***



*Ireo mpianatra, nahavita fiofanana tamin'ny informatika.*

## Sakafo Ny Valosoa



**Saosisy sy saosety** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Fikarakarana azy: voasana ny saosety dia tetehina somary madinidinika (atao carré). Andrahoina amin'ny rano kely ny saosisy gasy dia avela hiendihendy miteramenaka iny rehefa ritra ilay rano. Rehefa mendy tsara ny saucisse dia esorina amin'izay aloha, ka ajanona ao ilay menaka avy amin'ilay saucisse. Endasina amin'ilay menaka avy amin'ny saucisse ny voatabia sy tongolo avy eo. Arotsaka ao amin'ilay saosy voatabia sy tongolo amin'izay ilay saosety voatetika sy ilay saosisy voahendy dia tampohana rano kely avy eo, fa tsy atao be loatra. Avela hiketritra elaela kely eo dia tsy ritina be loatra fa atao somary ketsaketsa dia vita. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny legioma navet amin'ny vatan'olombelona




Betsaka ny soa azo avy amin'ny legioma navet ho an'ny vatan' olombelona. Manankarena "vitamine C" to-koa ny raviny, ary tsara ho an'ny olona tsy ampy vitamina. Be otrik'aina. Tsara ho an'ny olona tsy ampy rà. Mahatsara ny fandevon-kanina sy ny tsinay. Miaro amin'ny homamiadana indrindra ny homamiadan'ny vavony. Manasitrana kohaka haingana be sy ny tenda mangetana. Alona amin'ny siramamy, sotroina maraina, antoandro, hariva . Tsara ho an'ny olona mikohaka tsy mijanona sy marary tratra. "Navet" sahabo 200g, sasana madio tsara, voasana,tetehina ary ampagotrahina amin'ny rano antsasa-litatra mandritra ny 10 min, avela mangatsiaka , sotroina avy hatrany. Mety ho an'ny olona manahia tena ihany koa, satria manala tavy ao anaty. Mahafaka ireny fery amin'ny vatana vokatry ny kaikitry ny bibikely ireny. Maka navet, sasana tsara , tetehina , lomana vinaingitra mandritra ny 6 ora, ary hanina avy hatrany.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Andrafainkona, any amin' ny distrikan'i Vohemara, faritra Sava

Ny tanànan'Andrafainkona, any amin' ny distrikan'i Vohemara, faritra Sava indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Andrafainkona ity tanàna ity. 740 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Tantsaha mpamboly sy mpiompy ny mponina any. Anisan'ny tena vokatra be any an-toerana ny vokatra fanondrana lavanila. Mpiompy akoho amam-borona koa ny any Andrafainkona.



*Mahavokatra lavanila be ny any Andrafainkona.*